# FANKALAZANA NY FO MASIN'I JESOA - Taona A 2026



***Mankanesa atý amiko ianareo rehetra izay mitondra fahoriana sy mavesatra entana, fa hanamaivana anareo aho.***

Ry Kristianina havana, fotoan-dehibe ho antsika tokoa ity andro anio ity satria miaraka amin'ny Eglizy maneran-tany isika Olo Araiky ato amin'ny diosezy izay faly mifampiarahaba manokana satria andro ankalazantsika ny Fo Masin'i Jesoa mpiaro antsika eto amin'ny Katedraly fa indrindra amin'izao vanim-potoana tena mavesatra ho antsika mianakavy noho izao krizy maro lafy izao. Vanim-potoana lehibe ihany koa ho an'ny firenena satria tena kihon-dalana lehibe ho an'ny firenena araka ny voalazan'ny Eveka tamin'ny hafany raha tsy tafita amin'izao dia tsy fantatra ny nanjo antsika. Anatin'ny volana jiona rahateo isika volan'ny ankizy solofo dimbin'ny ala ary volana ankalazantsika ny fetim-pirenana sady eo ampiomanana ny fikaonandoham-pirenena. Izany rehetra izany no mazava dehibe ny fankalazana satria ny Fo Masin'i Jesoa koa no Mpiaro an'I Madagasikara miaraka amin'ny Fo Madion'I Maria.

> **Vakiteny I :** Det. 7:6-11,
> **Tononkira :** Salamo 103
> **Vakiteny II :** 1 Jo. 4:7-16,
> **Evanjely :** Mt. 11:25-30,

Amin'ny Alahady anefa no hankalazantsika ny Fo Masin'I Jesoa amin'ny fomba manetriketrika fa eran'ny diosezy miaraka amin'ny Eglizy erantany dia ny Zomà no fankalazana ny Fo masin'i Jesoa ka an-kafaliana sy an-karavoana no iarahabana antsika mianakavy niany amin'izao fankalazana ny Fo masin'i Jesoa mpiaro ny diosezintsika izao.

Enga anie izao fankalazana izao hanampy antsika hahatsiaro fa manana FO mitempo tokoa isika. Tsy hoe ilay FO taova fotsiny no banjinintsika amin'izao fahatsiarovantsika ny Fo masin'i Jesoa izao fa ny FO izay ao amintsika tokoa dia ilay sitrapo manambara ny maha-antsika antsika, ilay FO izay manambara ny toetra ananantsika sy fototra maha-antsika antsika. Tsy misy mahalala ny ao am-pontsika ao fa Andriamanitra irery no mahafantatra azy ary ao aminy no toerana anaovantsika ny safidy ho entintsika manatanteraka izay safidy izay, ao koa no toerana ihaonana sy ifandraisantsika amin'ireo manodidina antsika. Enga anie ho FO velona ny fontsika ary Fo mitempo fitiavana satria ny Fitiavana no itovizantsika endrika amin'Andriamanitra. Tsy fitiavana sento anefa fa fitiavana zary famindram-po sy fifamelan-keloka ka izay no hanahafantsika an'Andriamanitra. Azo lazaina àry fa io FO io no mampiombona antsika, maha olona araiky antsika. Fantaro ihany koa fa raha mankalaza isika dia tsy hibanjina fotsiny fa hivelona izay banjinintsika. Koa izao fankalazana ny Fo Masin'i Jesoa izao izao anie hanamasinana ny Fontsika hanahaka ny Fon'i Jesoa. Masina ny fontsika raha onenan'i Jesoa. Izany no dikan'ilay vavaka famaranana ny fanokanan-tenantsika amin'ny Fo Masin'I Jesoa : "Jesoa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po, ataovy manahaka ny fonao ny fonay".

**Tanteraka io vavaka raha tsy "encombré" ny fitiavan-tena** ny fontsika. Io fitiavan-tena io no mahatonga antsika manilikilika ny hafa ka mampisy ny fisaraham-bazana sy ny herisetra satria tsy manjaka ny famindram-po sy fifamelan-keloka. Herisetra sy fanilikilihana no vokatry ny fitiavan-tena. Ny hetraketraka no manjaka indrisy eo amin'ny fiaraha-monina noho io fontsika "encombré"n' ny fitiavan-tena, tsy hita intsony ny maha-olona antsika. Indrisy mitranga izany amin'izao vanim-potoana sarotra izao. Betsaka ny repère very, tsy hita intsony na nivadika ny soatoavina. Lojikan'izao tontolo izao no refy ka tsy lojikan'ny mahaolona. Izany hoe tsy hita intsony ny fanahy mahaolona. **Enga anie mba ho masina tokoa ny fontsika tsy ho "encombré"n' ny fialonana**, io no mahatonga antsika manangana rindrina, na ao anatin'ny fianakaviana aza mifanapotika ary indrisy sahy mamono mihintsy noho izany fialonana izany. **Enga anie mba tsy "encombré" ny avonavona** ka mahatonga antsika hieritreritra fa tsy mila ny hafa na koa mahatonga antsika tsy mivelona ny endrika maha olona antsika aza.

Fantatsika tsara anefa fa io Fontsika io ihany koa no ahatsiarovantsika ny maharary sy ny mavesatra ary ny fijaliana sy ny fahoriana entintsika amin'ny fiainantsika andavanandro, fantantr'Andriamanitra izany ka hoy indrindra izy androany : *"**Mankanesa aty amiko ianareo izay manana enta-mavesatra fa manaivana anareo aho, mianara amiko fa malemy fanahy sy manetry tena aho.**"* Izany no averimberintsika rehefa avy manokan-tena amin'i Fo masin'i Jesoa isika hoy isika teo izany hoe ilay fontsika onenan'i Jesoa raha manana ny fanetren-tena sy fahatsorana isika.

Araka ny vavaka ataontsika "Ry Jesoa malemy fanahy sy manetry tena ao am-po, ataovy manahaka ny fonao ny fonay", raha malemy fanahy tokoa isika dia handova ny tany, izany no

lalana hahazoantsika ny hasambarana, izany koa ny ezaka ataontsika amin'ny fametrahana diosezy maitso. Milaza miara-mahita isika fa tena potika ny zavaboaary manodidina antsika. noho ny motro. Fantatsika ny ambaran'ny motro, ny afo. Manambara herisetra matetika. Marina fa maneho fitiavana ny afo (afom-pitiavana) na izany aza anefa matetika manapotika ny zava-boary ny afo. Raha taranaka mpanorina isika, manorina tontolo iainana vaovao dia tokana ny lalana araky ny hafatr'I Jesoa : "Sambatra ny malemy fanahy fa handova ny tany izy". Raha malemy fanahy isika dia tsy mirehareha na mipoerapoera fa mitady mandrakariva ny sitrak'Andriamanitra ary indrindra vonona hanompo. Izay no làlana nentin'i Jesoa nitondra ny famonjena, izay ihany koa no làlana tsy maintsy ho entintsika ary mipolololotra avy ao ampo ny fanetren-tena ary ao anatin'izay ny fahatsorana hany ka mazava ny fiainantsika.

Manantanteraka ny fahamarinana isika, ho marina ny fiainantsika ary rehefa miaina ny fahamarinana isika dia olon-kendry, raha olon-kendry isika dia miezaka hanatsara mandrakariva ny fiaraha-monina. Manana modely isika amin'izany dia tsy iza fa i Lucien Botovasoa izay nivelona ny fahamarinana. Io no mbola ampahatsiahivan'ny vakiteny voalohany *(Det. 7:6-11,)* voatokana ho an'Andriamanitra ianao, izaho no nifidy anao tanatin'ny maro, maniry anao mba hifikitra amiko ary izaho no nifidy anao koa. Aoka àry mba hanana an'izany fitiavana izany isika, aoka ho eo anivontsika mandrakariva Andriamanitra. Eo anivontsika izy raha miezaka isika hahatsapa ny fitiavany araka voalazan'ny vakiteny faharoa ao amin'ny taratasin'i Md Joany *(1Joany 4,7-16)* izay manantintrantitra antsika fa Andriamanitra no tia antsika mialoha, "*Ary toy izany fitiavana izany: tsy isika no tia an'Andriamanitra rahateo, fa izy no tia antsika mialoha, sy naniraka ny Zanany ho sorompanavotana antsika amin'ny fahotantsika*". Raha Andriamanitra nitia antsika mialoha inona no hamatopatotra antsika koa aoka isika hivelona ao amin'Andriamanitra, aoka isika hiaraka amin'Andriamanitra. Amin'ny alalan'Andriamanitra tokoa àry no làlana hitondra antsika amin'ny tena fiainam-baovao izay irintsika amin'izao taona fandalinam-pinoana iarahantsika manao izao.

Matetika nambara tamintsika fa isika izao no mpiara-belona, isika no Kristy eo anivon'ny mpiara-belona amintsika isika no EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA ka anjarantsika àry no mitondra ny Fon'i Jesoa, mampibaribary ny famindram-pon'Andriamanitra. Isika no mpiara-belona amin'ny olona amin'izao fotoana iainantsika izao ka aoka àry ho "chapelle" famindram-po isika izany hoe "chapelle" mora hatonin'olona : "Mankanesa aty amiko ianareo izay manana enta-mavesatra". Aoka ho sahy hanatona antsika ny olona ka hahatsapan'ny olona fa amin'ny alalan'ny fiainantsika manontolo dia hahitan'izy ireo izany fitoniana ao ampon'i Jesoa izany no sady hahitan'izy ireo ilay fitiavan'i Jesoa. Izany no "chapelle" ary isika tsirairay ao amin'ny fianakaviana eglizy kely, ao amin'ny fiaraha-monina, eo anivon'ny eglizy fiombonana, eo anivon'ny eglizy fototra no "chapelle". Koa aoka ho Fon'i Jesoa tokoa isika, ilay FO mampibaribary ny famindram-pon'Andriamanitra ka hahatsapan'ny olona fa eo anivony tokoa Andriamanitra.

Raha mahatsapa izany izy ireo dia hiova ny fiainany ka ho fiainana araka ny maha zanak'Andriamanitra anatin'ny fampanjakana ny rariny, hanalavitra ny lainga sy ny fitapitaka fa hampanjaka kosa ny fahamarinana sy ny fihavanana, hiezaka hamolaka ny tenany hiala amin'ireny fialonana, hiala amin'ireny avonavona, hiala amin'ny fitiavan-tena fa hikatsaka ilay sitrak'Andriamanitra izay hahasambatra antsika.

Sambatra ny malemy fanahy fa handova ny lanitra izy, aoka ny fontsika hanjakan'ny halemem-panahy, aoka ho feno fanentren-tena isika ka hahay hanompo ireo manodidina antsika fa indrindra ireo voailika, ireo mahantra mitady famonjena. Maro ny fahantrana amin'izao andro iainantsika izao, ao ny ara-nofo, ao ny ara-tsaina izay mangeja ny maro amin'izao fotoana izao ary indrindra ao ny fahantrana ara-panahy ka enga anie ny fon'i Jesoa hanenika an'izao tontolo izao amin'ny alalantsika tsirairay avy.

Maro ny ratra entin'izao krizy izao eo anivon'ny fiainan'ny tsiraikiraiky, eo anivon'ny fianakaviana, eo anivon'ny Eglizy, eo anivo'ny fiaraha monina… Ankinintsika amin'ny Fo Masin'I Jesoa. Ny famindram-pony anie handoro ny ratsy rehetra izay mitady hanapotika antsika ka hanasitrana antsika. Aoka ho vonona hamboly famelan-keloka sy famindram-po isika araka ny hafatr'I Papa François mba hahita fiadana sy fandriamapahalemena. Aoka samy vonona handrodana ny rindram-pisarahana isika ka hanorona tetezam-pifandraisana vokatry ny fanahafana ny Fo Masin'I Jesoa..

Tsara ihany koa ny manipika fa natokan'i Papa Md Joany Paoly faharoa hivavahana manokana ho amin'ny fahamasinan'ny Pretra ny fankalazana ny Fo Masin'I Jesoa satria araka ny hafatr'I Md Jean Maria Vianney Curé d'Ars Mpiaron'ny Pretra rehetra izay azo lazaina fa tena sapelin'ny famindram-po tokoa nandritra ny fiainany : ny fontsika no zary fon'i Jesoa mitempo eo amin'ny manodidina antsika ka isika hilaza tahaka nataon'i Jesoa hoe :" Mankanesa aty amiko fa hanamaivana anareo aho", hanamaivana izay rehetra mijaly sy ianjadiam-pahoriana ny fiombonantsika amin'ny Fo masin'i Jesoa ka amin'izay hiasa amin'ny alalantsika tokoa ny Fon'i Jesoa ka isika no zary Kristy mpiara-belona amin'olona, isika no "EOV MISIONERA TABERNAKLA VELONA" mamafy famindram-po, fanantenana, fiadanana araka ny voalazan'ny Papa : "ny fifamelan-keloka sy famindram-po no hany loharano sy fototry ny fandriam-pahalemana sy fiadanana". Masina Maria mivavahà mba ho mpivahinin'ny fanantenana tahaka anao izahay ka mamafy fiadanana, hafaliana sy fihavanana hanasitrana an'izao tontolo izao. Md Josefa mivavahà ho an'ny fianakaviana eglizy kely jiaby mba ho mpampihavana eo anivon'ny fiaraha-monina. Amen

Mompera Arseveka Mgr Benjamin Ramaroson